# TORITENY - ALAHADY faha-25 TSOTRA - TAONA D 2025



***Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy ny harena ianareo".***

Ry kristianina havana, nifanojo amin'ny alahady ny 14 septambra fankalazana ny nanandratana ny hazofijaliana ka nanararaotantsika hibanjinana manokana ny Lakroa Masina. Fa amin'izao Alahady faha-25 mandavantaona izao dia mananatra antsika ny tenin'Andriamanitra aroson'ny Eglizy ho sakafom-panahy hamelombelona ny finoantsika hahafahantsika hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro ka hivahatra amin'ny Lakroa ny fiainantsika hametraka safidy matotra. Mananatra antsika ireo tenin'Andriamanitra ireo hahay hampiasa ny vola na ny marimarina kokoa hahafantatra tsara ny anjaran'ny vola eo amin'ny fiainana, tsy inona fa ny vola dia natao hanompo fa tsy hotompoina, natao hifanasoavana ny vola fa tsy natao hanapotehana ny fiombonana sy ny fihavanana. Indrisy anefa fa amin'ny adim-piainana isan-karazany amin'izao vaninandrontsika izao, dia efa lasa Andriamanitra mihitsy ny vola ka izy no tompoina. Nefa fantatsika fa tsy mahasoa izany satria ny fitiavan-tena no manjaka noho izay

***Vakiteny I :*** *Am. 8, 4-7*
***Salamo :*** *Sal. 112*
***Vakiteny II :*** *1 Tim. 2, 1-8*
***Evanjely :*** *Lk. 16, 1-13*

vola atao ho Andriamanitra izay ka raha ny fitiavan-tena dia mazava ho azy fa hahilikilika ny hafa indrindra ny madinika. Atao izay hanaratsiana azy ireo, hanimbana azy ireo ary hitantsika izany eo amin'ny fiainantsika andavanandro.

Azontsika onogna tsara ny antony anaovantsika izao Sinaody faha-7 fa indrindra izao fijanonana faha-3 na session faha-3 izay efa akaiky. Hialantsika amin’ny rafi-pahafatesana mikiky ny fiainantsika satria anjakan’ny herisetra sy ny korontana ka mahatonga antsika mifanilikilika, mifanapotika, mifamono. Noho ny asan’ny Fanahy Masina sy ny dinika ataontsika dia hametraka rafi-pivelomana anjakan’ny rariny sy ny hitsiny ka hifampitsimbina sy hifanasoa ary hikatsaka ny soa iombonana ao anatin’ny fihavanana sady kristianina no Malagasy…

Andao ho raisintsika ny Tenin’Andriamanitra. Ampianarin'i Amosy Mpaminany isika amin’ny vakiteny voalohany : "tandremo hoy izy mba tsy ho ny vola no entintsika hanapotehana ny fifandraisana amin'ny hafa, tandremo ireny fihetsika mamoafady amin'ny alalan'ireny risoriso sy ny fitapitaka ireny". Ary hitantsika amin'izany ry Kristianina havana fa ny fontsika olombelona raha lavitra an'Andriamanitra, raha tsy i Jesoa no ivom-piainantsika dia simba io fontsika io ary mahatonga antsika lavo tamin'ny fahotana tamin'ny fototra. Henontsika tamin'ny hafatry ny Mpaminany Amosy tamin'ny vahoaka tamin'izany fotoana izany fa indrindra ireo manam-pahefana sy ireo manambola izay mitady ny fomba rehetra hampitomboana an'izany vola izany noho ny fitiavan-tena mikendry hanangon-karena fotsiny ka mahatonga azy ireo hanao ny fitapitaka amin'ny atao sy amin'ireo rehetra hifandraisany. Mazava ho azy fa ny mahantra no voahilikilika, dia very zo sy tsy manjaka intsony ny rariny sy ny hitsiny fa ny korontana no manjaka koa amin'ny fiainantsika ankehitriny.

Izany indrindra no iantsoan'ny Papa Ray masina antsika fa indrindra amin'izao taona masina jobilin’ny famonjena anirahana antsika ho mpivahinin’ny fanantenana mba hiova ny fontsika, ilay fo vato ho tonga fo nofo mba ho afaka hikarakara sy hanasoa ny hafa, ho mpamafy hafaliana, fiadanana, fihavanana sady kristianina no Malagasy. Manomboka amin'ireo manam-pahefana izany, manomboka amin'ireo mpikarakara ny fiainam-bahoaka tahaka ny nolazain'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, mba hitondra am-bavaka an'ireo mpitondra isika mba hiova ny fo amam-panahin'izy ireo ka ny Fanahy Masina no hanilo azy ireo hikatsaka ny soa iombonana, hikatsaka izay mahasoa ny vahoaka amin'izay hanjaka ny fiadanana sy ny fandriam-pahalemana.

Ambaran'i Jesoa fa ho tanteraka izany rehetra izany raha mahay misafidy isika izany hoe tsy ny vola no tompointsika fa Andriamanitra, tsy misy afaka hanompo tompo roa hoy i Jesoa ao amin'ny Evanjely. Ataontsika matetika io sasinkira salamo io : na izy hankahala an'Andriamanitra ka hanompo ny vola na izy hanompo an'Andriamanitra ka hampiasa ny vola ho entiny hanompoana an'Andriamanitra. Ary dia izay no atintraterin'ny fanoharana ataon'i

Jesoa izay hahitantsika ny fitapitakin'izao tontolo izao, ireo izay mivelona anatin'ny fitapitaka sy ny lainga ary ny risoriso ka dia nampianarin'i Jesoa isika mba hahay hanana ny fahendren'Andriamanitra dia tsy inona fa Andriamanitra: hahafahantsika hahatoky azy amin'ny rehetra. Ary matetika isika no milaza fa ny Andriamanitsika dia tsy arak'izay eritreretintsika io, ny Andriamanitsika dia be famindrampo ary naniraka an'i Jesoa eto anivontsika izay nahafoy ny ainy, nanompo i Jesoa..Ny dikan'ny hoe manompo dia mitady ny hahasoa ny hafa.

Izany no azo lazaina ho foto-pampianarana amin'izao Alahady faha-25 mandavantaona izao, natao hanompo isika izany hoe hanasoa ny hafa ary raha manao izany isika dia mifanasoa ka mahatonga antsika ao anatin'ny fihavanana marina, fianakaviamben'Andriamanitra, ho olo araiky ao amin'Andriamanitra ka hiadam-pinaritra.

Izany rehetra izany indrindra ny tanjon'izao Sinaody izao fa indrindra ny fijanonana faha-3 troisième session : EOV MIFAMPITSIMBINA MIFANASOA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA ka ny harena natao hanasoavana sy ho tompoina…

Ry Jesoa Tomponay ô, nampianarinao anay androany sady fiainanao rahateo fa hoe tsy natao hotompoina ny vola aman-karena fa ho entina manompo ny manodidina, ny namana, hanasoa ny namana sy hanompo an'Andriamanitra. Enga anie izahay ho sahy hifidy anao ry Jesoa, ianao tokoa no eo anivon'ny fiainanay fa tsy ny vola. Ary ny vola ho entinay hitsinjovana sy hanasoavana ny hafa. Enga anie ireo manana toerana sy andraikitra amin'ny fitondrana mba hotsilovin'ny fanahy masina ka tsy ho resin'ny fitiavan-tena, tsy ho resin'ny vola na ny risoriso fa mba ho tena mpanasoa vahoaka ho mpanatsara ny fiainam-bahoaka tokoa izy ireo. Ampianaro izahay mba ho tena mpanomponao tokoa ka hahay hanorina ny fanjakanao hanjakan'ny rariny sy ny hitsiny, hanjakan'ny fifankatiavana ka ho tanteraka eto aminay tokoa ny fiadananao. Ankinina aminao manokana ny fiaraha-dianay amin'izao Sinaody faha-7 fijanonana faha-3 izao. Hahay hanaraotra an'izao–vanim-potoana lehibe eo anivon'ny diosezy izao hametraka rafi-pivelomana hahitana ny fivelarana marina ao anatin'ny fifanasoavana sy fifampitsimbinana. Masina Maria Reny matoky ny vavakao izahay hanampy anay amin'ny dinika rehetra ataonay ka ho Senakla ho anay izao Sinaody izao. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy eran-tany mivavahà tokoa ho anay amin'izao fiarahan-dia ataonay izao hitera-boka-tsoa amin'ny fiainan'ny diosezy anie izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson